www.fjkm-ambohitantely.mg



# GAZETY Tantely

*"Ary ny toho-tantely ho mamy eo am-bavanao" (Ohab. 24:13)*

Laharana faha-88 / 10 Janoary 2021/ 1.000Ar


## "MANEHO NY MAHA-ANDRIAMANITRA AZY NY TOMPO"



## « Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » (Tit. 2 : 11a)

*Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiangonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pi-faliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiangonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.*

>2













Sabatry ny Fanahy >2
Editorial >3
Vahiny >3
Hafatra >4
Fiandraiketana >5
Voan-tsampana >5;6
Isika samy Isika >7
Lisitr'ireo Zokiolona >7
Sombin-tsary >8
Fiandraiketana Fifandraisana >8


GAZETY AVOAKAN'NY F.J.K.M. AMBOHITANTELY

***« Fa efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » (Tit. 2 : 11a)***

**H**afatra nampitondrain'i Paoly an'i Titosy zanany ara-panahy sady misionera na mpitory ny Filazantsara tany Kreta ity tapaka andin-tSoratra Masina ity. Teny tsy afaka am-bavan'i Paoly ary miverimberina saika isaky ny Epistily nosoratany ny mikasika ny fahasoavan'Andriamanitra. Eto dia tsy diso anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany ny mponina na ny Fiangonana tany Kreta. Mbola tanora dia tanora i Titosy no nirahin'i Paoly hitory ny Filazantsara tany Kreta izay fiarahamonina malaza masiaka, kamo, tia filàn'ny nofo sy fahafinaretana. Hoy ny and. 12 amin'ny toko 1 : « mpandainga mandrakariva ny Kretana, biby ratsy, kamo be tenda ». Tsinjon'ny Apostoly Paoly fa tsy mora ny nampanirahana an'i Titosy hiasa sy hijoro vavolombelona amin'izany fiarahamonina hafahafa izany, ary izay no nampaherezany azy mafy tamin'ity taratasy ity. Fa inona loatra re no nahatonga an'i Paoly nanao hoe : « Efa miseho ny fahasoavan'Andriamanitra izay famonjena ny olona rehetra » raha naniraka an'i Titosy izy ?

**Ny Filazantsara dia fampahafantarana ny fahasoavan'Andriamanitra.**

Araka ny voalaza ery ambony dia ratsy fitondran-tena ny ankamaroan'ny mponina tao Kreta. Ary tsy vitan'izany fa feno fanamarinan-tena. Eo am-pahitana izany i Titosy dia mety ho azon'ny fakampanahy hitsara na hihemotra mihitsy aza amin'ny asa nanirahana azy. Mety ho azon'ny fakampanahy hieritreritra tahaka an'i Jonah mpaminany fa tsy mendrika handray ny Filazantsara ny olona tahaka izany. Notaomin'i Paoly anefa i Titosy hijery ny Kretana amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra. ity solomason'ny fahasoavan'Andriamanitra ity no tiany ho eny amin'ny mason'i Titosy ka hahitany fa ny famonjen'Andriamanitra dia tsy miankina amin'ny olombelona fa miankina amin'Andriamanitra irery ihany. Ary ny fotoana andraisan'ny olona izany famonjen'Andriamanitra izany dia tsy mbola miankina amin'ny olona ihany koa fa mbola miankina amin'Andriamanitra. Samy fiasam-pahasoavana, na ny fitoriana ny Filazantsara, na ny fandraisana ny Filazantsara. Antitranterin'ny Apostoly Paoly ny maha Mpamonjy an'i Jesoa (toko. 2 : 13). Saingy ny mampiavaka manokana ny FIlazantsara asain'i Paoly torian'i Titosy momba an'i Jesoa Mpamonjy dia Izy mpanadio. Nosy i Kresta, mahafantatra ny lanjan'ny rano ho fanadiovana. Mahafantatra rahateo ihany koa ny loto sy ny vokany. Hany ka manan-toerana tao amin'ny sivilizasiona kretana ny toe-tsaina maloto sy madio. Tsy ny maloto sy ny madio vokatry ny tsy fisasana ihany no fantatry ny Kretana, fa ny fahalotoana sy ny fahadiovana ara-panahy. Sarihan'i Paoly aza ny sain'i Titosy hijery ny Kretana sy hitaona azy hahatsiaro fa i Jesoa no tena Mpanadio, ary ao aminy irery no ahitana fanadiovana. Koa raha miteny hoe famonjena ny Apostoly Paoly dia midika ny nanadiovan'i Jesoa ny fahotan'ny olona tamin'ny rany. Hoy àry i Paoly : ***« Fa efa niseho ny fahasoavan'Andriamanitra ».*** Ny hevitr'izany dia efa tonga ny fotoana nomanin'Andriamanitra ka nanekeny hanadio maimaim-poana izay rehetra mino an'i Jesoa. Tsy ny halehiben'ny fahotana tsy akory no zava-dehibe fa ny fibebahana sy ny fanekena hodiovin'ny Tompo. Ampy hahasasa sy hanadio ny fahotan'ny olona rehetra ny ran'i Kristy raha manaiky handray azy izy. Koa ny hoe mitory ny Filazantsara dia tsy inona tsy akory fa fampahafantarana ny famonjen'Andriamanitra tamin'ny nanirahany ny Zanany hanadio antsika.

**Ny fahasoavan'Andriamanitra dia natao ho an'ny olona rehetra**

Ny fiarahamonina tamin'ny andron'ny Antikite dia fiarahamonina antanan-tohatra. Ary tsy vitan'ny hoe antanan-tohatra fa misy ambony, misy ambany, misy maloto, misy madio, sns… Fakampanahy mpahazo ny olombelona ny mifampijery amin'ny alalan'ny anjara toeran'ny tsirairay ao amin'ny fiarahamonina. Asongadin'ny Apostoly Paoly ho ao an-tsain'i Timoty ny tsy hiheverany ny Kretana ho tsy mendrika handray ny Filazantsara ary dia tsindriany fa ho an'ny olona rehetra ny fahasoavan'Andriamanitra. zava-baovao tamin'ny fotoan'androny izany hoe Andriamanitra mampitovy ny olona rehetra. Ny mahazatra ny Kretana dia ny olona no manatona an'Andriamanitra, fa eto kosa ny Filazantsara asain'i Paoly hotorian'i Timoty dia Andriamanitra efa nanatona ny olona tamin'ny alalan'i Jesoa ka nandrava ny efitra nampisaraka ny olona Aminy. Samy manana anjara amin'izany fahasoavan'Andriamanitra izany avokoa ny sokajin'olona rehetra. Hoy i Paoly tamin'i Titosy : « Toy ny vehivavy, ny lehilahy, ny mpanompo, ny loholona, ny olona rehetra, hitantsika ao amin'ny toko. 2***. Tsy manavaka na iza na iza Andriamanitra*** satria ny herin'ny fahasoavan'Andriamanitra dia efa nampiditra ny olona rehetra izay mino an'i Jesoa ho Zanany. Amin'ny alalan'ny fahasoavan'Andriamanitra no ahatsapan'ny olona fa harena sy fifamenoana ny fahasamihafana ary fifamenoana. Ny fahotana no mampiasa ny fahasamihafana ho fifanoherana sy fifaninana ka miteraka fifandirana ; fa ny fahasoavana kosa dia mampifanatona ny mpino ho tena iray ihany ao anatin'ny fanajana ny samy maha izy azy ny tsirairay. Tsy mora ny fitoriana ny FIlazantsara tamin'ny mponina tao Kreto ary izay no nanafaran'i Paoly an'i Timoty handeha amin'ny fahasoavana amin'ny fijoroana vavolombelona. Izay mijro vavolombelona rehetra mantsy dia tokony hahatsiaro fa fahasoavana izany fa tsy zioga tsy akory.

**FEHINY**

Raha mijery ny vanim-potoana iainana ankehitriny isika, indrindra raha mijery ny fiainam-piarahamonina dia hita fa tena mbola toa an'i Titosy any Kreta ny Fiangonana : misedra fiarahamonina masiaka, tsy tia anatra, manamarin-tena, tia rendrarendra. Manoloana izany ny fitaovana tian'ny Tompo ho eny am-pelantanan'ny Fiangonana anefa dia ny fahasoavana. Taomin'ny Tompo ny Fiangonana hijery ny fiarahamonina amin'ny fahasoavana, ka ny antom-pisiany sahady ao amin'ny fiarahamonina dia efa fahasoavana. Ny fahasoavana no mahatonga ny Fiangonana tia ny fiarahamonina iasany, tia ny mpanota fa tsy ny hitsara azy, ny hampahatsiaro azy fa ao amin'i Jesoa Kristy irery ihany no tena fanadiovana marina sy ny fiainam-pifaliana tena izy sady maharitra. Koa tsy mahazo kivy ny Fiangonana fa miorina tsara amin'ny fahasoavana.

***Ny Mpitandrina RAKOTONAVALONA Maholy***

# EDITORIAL

***« Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsina izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana . » 2Timoty ;3 / 16***

Araka io tenin'Andriamanitra voalaza etsy ambony io dia natao ho fitaizana amin'ny fahamarinana, amin'ny fanitsiana ary amin'ny fampianarana sy ny fandresen-dahatra ny soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra.
Ny Gazety « Tantely » dia anisan'ny fitaovana iray noentin'ireo mpiara mivavaka maromaro nampita ireo voalaza ireo teto amin'ny Fiangonana.
Amin'izao fotoana izao indrindra no andro hisaorana ireo Ray aman-dreny namorona ary mbola manampy amin'izao fotoana izao,tsaroana eto ihany koa ireo namana izay efa nandao antsika teo amin'ny famolavolana ny Gazety .
Manana ny anjara andraikiny tokoa ny gazety satria izy no isan'ireo mitahiry ireo tsiaro an-tsary na koa an-tsoratra amin'ireo fotoana maro efa lasa .Tsy vitan'izany fa ny gazety dia fitaovana nentina nampitana ny soa sy ny tsara ho fantatra teto amn'ny fitandremana ,mazana dia voatatitra tao avokoa ireo fotoana manan-tantara Tao koa ireo tatitra isam-piandriketana sy isan-tsampana ary ny teo anivon'ny Foibe sy ny synodam-paritany
Isan'ny zava- tsoa lehibe indrindra noentina teto amin'ny gazety TANTELY dia ny fanabeazeana ara- panahy teo amin'ny samy Kristianina izay nandraisan'ireo Ray aman-dreny ara-panahy anjara ka ampitan'izy ireo hafatra sy fampianarana avy amin'ny tenin'Andriamanitra mba hitomboan'ny fahasoavana sy ny fahatokiana an'Andriamanitra eo amin'ny tsirairay.
Tao ihany koa anefa ireo pejy entina manampy amin'ny fahasalamana sy ny nahandro ary ny tontolon'ny zava maniry toy ny vonikazo . Raha toa ka mijery ny 25 lasa isika dia tsara angamba amin'izao fotoana izao no handinihina ny tontolon-tsika Kristianina ka hahafana manavao ny fomba fijery sy ny fomba hoenti-miatrika ny ho avy izay handresena ny fahasahiranana manoloana antsika ka hanana indray toe-tsaina amam-panahy matahotra an'Andriamanitra.
Eto am-pamaranana dia mbola mamerina indray ny fisaorana an'Andriamanitra teo amin'ny tolo-tsaina nomeny ireo Kristianina izay namorona ny gazety « TANTELY »

Ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra

***Ranaivo Rasahenolahy, Diakona(fif)***

# VAHINY

***RAMANGASON Andriamaronavalona na Ramose Maro***, Talen'ny Lycée Privé FJKM Ambatolampy Ambohitrimanjaka nandritry ny 10 taona izao . Nandany ny androko teo amin'ny fanabeazana ny ankizy tao amin'ny sekoly FJKM aho , satria talohan'ny naha-Tale ahy dia efa nampianatra tao amin'ny Lycée Privé FJKM Rasalama eo Andravoahangy nanomboka ny taona 2000. Hatry ny fony vao kely dia efa tia ny nampianatra ka nanampy ny zandriko sy ny namany tamin'ny taranja maths , ary rehefa tonga ho Mpandray dia nampianatra sekoly alahady . Anisan'ny nitarika ny ankizy tao amin'ny sampana Zanaky ny Fikambanan'ny Ray aman-dreny Kristiana ( Z.F.R.K ) eto Ambohitantely nandritry ny taona maromaro , ary nampianatra ny ankizy ho tia an' Andriamanitra sy hifikitra amin'ny maha-Malagasy . Maro amin'ireny ankizy ireny izao no efa manana ny toerany , na eo anivon'ny fiangonana izany na eo anivon'ny mpiara-monina , satria nanefy azy ireo ny zavatra norantoviny teo anivon'ny sehatra rehetra nanabeazana azy .Anisan'ny tena nanampy ahy koa anefa ny niarahako tamin'ireny ankizy ireny ka nampitombo ny fanomezam-pahasoavan' Andriamanitra ahy . Tsy dia noheveriko loatra ny hanoratra tononkalo sy tantara , na dia efa mba nanoratra ihany aza aho fony faha-zaza , saingy tsapako fa mila ny ho fahanana ireo ondrikely ireo araka ny tenin'ny Tompo , ary izy Tompo mihitsy no nanolon-tsaina ahy tamin'ireny asa soratra ireny . Tamin'ny faha-10 taonan'ny ZFRK dia nisy ny boky nosoratako « Hiezaka aho hamantatra », fa teo ihany koa ny famoahana rakitsarary ny tantaran'i « Deborah Mpaminany vavy » araka ny hita ao amin'ny bokin'ny Mpitsara toko 4 . Fa tetsy ankilany ihany koa dia tena fifaliana ho ahy ny milaza ny raharaham-piangonana satria Ambohitantely dia manantena tononkalo avy aty amiko . Indraindray dia tena tsy mivoaka ny aingam-panahy , fa eny an-dalana ho aty am-piangonana aho no voatery satria tsy maintsy manolotra zavatra ho anareo , dia tena tsapako fa na dia tsizarizary aza izay voasoratro eo dia raisinareo am-pitiavana . Izay toe-tsaina mahay mankasitraka izay dia tena anisan'ny manosika ahy hanolotra zavatra tsaratsara hatrany . Tiako Ambohitantely fa tena olona mahay mankasitraka , sy mahazaka ny halemen'ny hafa . Ny fikolokoloana antsika teto Ambohitantely nandritry ny maha-Ambohitantely an'Ambohitantely dia tena zava-dehibe eo anivon'ny fiangonana sy ny firenena , nohon'ireo Mpitandrina rehetra nifandimby izay nanabe antsika tamin'ny lafiny rehetra , ary hirariana ny maha-vavolombelon'ny Tompo antsika eo anivon'ny fiaraha-monina misy antsika , na hatrany an-dafin-driaka aza . Ambohitantely aho ary mbola hijanona ho Ambohitantely Koa indro hamaranako ny soratro dia ilay fiarahabana tratry ny taona 2013 ny alahady 6 Janoary 2013 nampitondraiko ny lohateny hoe:

**"Ny fanantenako" Habakoka 3 and.19**

**Endrey fitahiana , no nanaraka ahy**
**Dia taona vaovao , ka moa va ry lahy !**
**Tsy Fanantenana , ilay Tompo Andriamanitra**
**Ka hoby sy dera , no hanaka-danitra**

**Dia tanjako mihitsy , ilay Jehovah Tompo**
**Ny fifaliako dia izaho no hanompo**
**Ny androko sisa sy izay mbola homeny**
**Dia atolotro ho Azy , noho ilay famonjeny**

**Ny tongotro aza nataony malady**
**Dia kinga ery aho mamoha vavahady**
**Ilay foko maloto sy be fankahalana**
**No indro nidirany , ka endrey fahatsarana**

**Ny fanantenako dia izaho nampandehaniny**
**Ny havoanako aza , no toa tokotaniny**
**Ny fahasoavany , indray dia niely**
**Ka tondraka azy , 'lay Ambohitantely**

**Dia mamiko loatra , ka tena iriako**
**I Ambohitantely ,ny hoe : fitobiako**
**Misaotra ry Tompo , fa Fanantenana**
**Fa ny tany ijoroako dia tena Kanana**




## HAFATRA AVY AMIN'NY FILOHAN'NY FJKM HO AMIN'NY TAOM-BAOVAO 2021

***"MIORENA TSARA, AZA MIOVA!"***


Ry havana malala, arahabaina amin'ny Anaran'i Jesoa, Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, nomeny ity Taona Vaovao 2021 ity.

Vao avy nandalo tany amin'iny faritra andrefan'i Madagasikara iny izahay, tsy ela loatra izay. Faritra be mokonazy iny faritra iny. Ny mahavariana dia izao: doran'ny olona ny toerana aniriany. Dia may ilay mokonazy. Hazo mainty be, voahodidina lavenona mainty no sisa tavela eo. Mahagaga anefa fa fotoana kelikely aty aoriana, io ilay mokonazy noheverinao fa fongotra may teo, mitsiry maitso tsara tarehy indray. Toa nanampy azy ho teraka indray ny afo mandoza nandoro ny tanety nisy azy !

Dia lasana eritreritra aho ka te hirary soa amin'izao Taona Vaovao 2021 izao, na dia fantatro aza fa hahafaly ny ankizy ny hamadika ho fihomehezana ny firarian-tsoako hanao hoe:

"Enga anie ny Kristianina nolalovan'ny afo mandozan'ny coronavirus ho "kristianina mokonazy": lalovan'ny fitsapana mahamay; fa teraka indray ao amin'i Kristy ho tsara noho ny tamin'ny lasa!

Enga anie ny Fianakaviana nosedrain'ny adim-piainana ho "Fianakaviana mokonazy" : nosedraina fa velona indray, mpandresy tsy levon'ny ratsy noho ny ran'i Jesoa!



Enga anie ny Fiangonana natsipy tao amin'ny lafaoron'ny hery mpandrava, ho"Fiangonana mokonazy" hampangaihay izay ratsy nikasa hanapotika, noho i Jesoa Lohany, nanorina azy, ka na ny vavahadin'ny fiainan-tsi-hita aza tsy haharesy azy!

Ity Taona 2021 ity anie ho taona sambatra hiorenana tsara ao amin'i JESOA KRISTY ka izay tsy mbola niorina, hiorina; izay efa niorina, tsy hirodana , izay nirodana hiorina indray!

Ity Taona 2021 anie ho taona sambatra tsy hiovana ao amin'i JESOA KRISTY ka izay tsy mbola niova tamin'ny ratsy fanao, hiova amin'izay; izay efa niova ho olombaovao, tsy hiova intsony; izay efa niova niverin-dalana, hiova ho amin'ny fibebahana; ary izy efa tena niova hanjary hery mpanova hampandroso!

"Miorena tsara! Aza miova!" (I Kor.15.58)

HO VONINAHITR'ANDRIAMANITRA IRERY IHANY !

***Dr IRAKO ANDRIAMAHAZOSOA Ammi, Mpitandrina***
***Filohan'ny FJKM***

# FIANDRAIKETANA FANDRAHARAHANA SY NY MPIASA







"Toy ny fanao isan-taona dia notontosaina ny Alahady 20 desambra 2020 taorian'ny fanompoam-pivavahana, tao amin'ny Akany Andriamanjato Efitrano Rainitrena ny fizarana kilalao ho an'ny Zanaky ny Mpitandrina sy ny Mpiasam-piangonana izay narahina fiaraha-miala hetaheta niaraka tamin'ny Fiandraiketana ny Fandraharahana sy Mpiasa"

# CHORALE AMBOHITANTELY

1-Arahaba hombam-pirariantsoa
Atolotra, antsika notahian'ny Tsitoha.
Dia indro Ambohitantely mifaly, miravo,
Nahatratra ny taona vaovao 2021 fa tsy lavo.
2-Maro ny sedra nolalovantsika
Fa isaorana Andriamanitra nandrotsam-pitahiana tsy hita isa,
Fanambinana sy fahasoavan-dehibe,
Ampombainy antsika @ lalana aleha.
3-Nofinidiny isika hanao asa tsara sady mahasoa,
Hifanampy, hifanohana, hifampitaiza koa.
Tsy ho zary hiolonolona irery
Fa miompompo, mifampahery.
4- Ny asam-piangonana
Hanehoantsika fiombonana,
Firaisan-kina sy firaisan-tsaina, mampiseho fa iray vatsy, iray aina.
5-Hitanay CA ny fiarahantsika misalahy,
Tsapanay fa vonton'ny Fanahy;
maneho ny voninahitr'Andriamanitra,
Mamerovero toy ny hanitra.
6- Fa misy asa iandraiketan'ny CA
Dia ny toriteny an-kira zay tsy maintsy aely.
Hetsika maro no hanatanterahana izany,
Ka ny Fiangonana miara-dia aminay hatrany.
7-Koa mankasitraka ny fiaraha-miasa izahay,
Misaotra ny isam-batan'olona, ny tokantrano tsirairay,
Fa foinareo ho an'ny sampana CA
Ny fotoana nifanotronana mamy toa tantely.
8- Ny fifanakalozana natao
Varotra mofomamin'ny noely sy taom-baovao,
Nanehoan'ny Fiangonana finiavana,
Hanao ny asan'Andriamanitra @ fitiavana.
9- Aoka ho voninahitr'Andriamanitra ny asa vita,
Hampitombo ny fahavononantsika
Hanohy hatrany ny asan'izy Ray,
Ho santatry ny fifaliana rahatrizay.

*"HITAHY ANAO ANIE JEHOVAH KA HIARO ANAO. HAMPAMIRAPIRATRA NY TAVANY AMINAO ANIE JEHOVAH KA HAMINDRA FO AMINAO. HANANDRATRA NY TAVANY ANIE JEHOVAH KA HANOME ANAO NY FIADANANA."*
*(NOMERY 6:24-26)*

***RAZAKARIVONY OMÉGA FARAVOLOLONA***
***Mpitan-tsoratra***



# SEKOLY ALAHADY

Misaotra an'Andriamanitra fa tanteraka sy tontosa ny fankalazana sy fiderana an'Andriamanitra ny zoma 25 desambra 2020 folakandro na dia fotoana fohy aza ny fanomanana noho ny hamehana ara-pahasalamana.Nandray anjara tamin'izany ny Sampana SA tamin'ny tsianjery, hira narahina fihetsika ary noravahan'ireo mpitendry sy mpitsoka zava-maneno. Nandray anjara ihany koa ny Feo tantely izay zana-tsampana taniketsan'ny SA ary namarana ny fotoana dia ny andiany mpianatra Katekomena.Koa isaorana manokana izay rehetra nandray anjara tamin'ny fanomana sy ny fanatanterahana izany ho voninahitr'Andriamanitra .Ny fidiran'ny SA dia ny alahady 24 janoary 2021 amin'ny 8 ora maraina ao am-piangonana. Ny Feo Tantely dia manohy hatrany ny fianaran-kira isaky ny asabotsy @ 2ora hatramin'ny 4 ora aty am-piangonana ary mandray hatrany ireo izay mbola te hiditra ao anatin'ny Feo Tantely.

**ORKESTRA FJKM Ambohitantely**

Mitohy hatrany ny famerenana fampiarahana mitendry zava-maneno eto @ Fiangonana isaky ny Sabotsy @ 12 ora hatramin'ny 2ora tolakandro.Ny hira na feon-kira hotendrena dia samy manao famerenana any an-tokantranony avy fa ny fampiarahana sy ny fandrindrana sisa no iarahana aty am-piangonana satria tena tery ny fotoanan'ny maro @ mpikambana. Raha manan-talenta amin'izany ianao dia tongava hidera ny Tompo !

# SAMPANA LEHILAHY KRISTIANINA

## NY LEHILAHY MAHERY MIATRIKA IREO ASA FAMPANDROSOANA

***Ary Ilay Anjelin'i Jehovah niseho taminy ka nanao taminy hoe: Jehovah no momba anao, ry lehilahy mahery (Mpitsara 6:12). . . ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra. (II Timoty 3 and 17).***

Ry havana malala, arahabaina amin'ny anaran'i JESOA KRISTY TOMPO, Ilay tsy miova omaly sy anio ary mandrakizay, tratry ity Taona Vaovao 2021 ity.

***1°) "… Ary nampanirin'i JEHOVAH Andriamanitra teo amin'ny tany ny hazo rehetra izay maha te-hizaha (Genesisy 2 and. 9)***.

Misaotra an'ANDRIAMANITRA izahay fa mandroso tsara ny asa efa natomboka toy ny fambolena ireo zanakazo izay natao tetsy Ampangabe, kaomina ambanivohitra Ambalavao, Distrika Antananarivo atsimondrano, ary ho tohizana ny hatrany ny fikarakarana sy fiarovana ireo hazo efa naniry ary fambolena ny zanakazo vaovao, tsara ho marihina etoana fa efa any ho any amin'ny velarantany fito (7) hektara no efa voavoly hazo ary ezahina hitarina hatrany izany velarantany izany. Arak'izany dia ho tanterahina ny sabotsy 6 febroary ho avy izao ny fambolenkazo vaovao izay hiarahana amin'ny Fiangonana iray manontolo ary dia ho heverina zanakazo miisa 2.800 no ho volena amin'io andro io. Tsara ho marihina eto fa ny zanaky ny fiangonana ihany no niantoka tanteraka ny fambolena , fikarakarana ireo zanakazo ho volena ireo nanomboka hatrany famafazana, fanondrahana, fanaovana ireo mitsiry ao anaty sachet.




***2°) Raha tsy Jehovah no manao ny trano, Dia miasa foana ny mpanao azy,(Sal 127/1)***

Manarak'izany, raha sitrapon'ANDRIAMANITRA ka velonaina dia ho tanterahina ny zoma 11 febroary 2021 ho avy izao ny fitokanana ny Sekoly Fanomezantsoa any Malaimbandy, SP36. Tiana hatrany ny mampafantatra antsika fa ny volana 11 Novambra 2017 no nandatsahana ilay vato fehizoro izay natrehan'ny filohan'ny FJKM Andriamatoa Ammi Irako Andriamahazosoa Mpitandrina, ary izao vita tanteraka izao 'lay trano sekoly. Trano manana efitra telo (3), sy trano fidiovana ary fivoahana izany sekoly izany. Izany fitokanana trano sekoly Fanomezantsoa izany dia iarahana mitokana amin'ny birao foibe FJKM, Tonian'ny departamanta Sekoly eo anivon'ny foibe FJKM, ireo solontenam-panjakana misy eny an toerana ary indrindra isika mpianakavin'ny mpino eto amin'ny FJKM Ambohitantely izay loharano nipoiran'ny ony.




***3°) Miderà Azy amin'ny zava-maneno tendrena sy ny sodina (Salamo 150 and.5)***

Maro tokoa ireo karazan-kira no efa noventesina teto anivon'ny FJKM Ambohitantely toy ny "classique", "gospel", "zafindraony",ary bà gasy sns …ary samy natao nanomezana voninahitra an'ANDRIAMANITRA avokoa ireny rehetra ireny, fa amin'ity indray ity dia lay gadon-kira antsoina hoe "jazz" ho ventesina ao amin'ilay Concert "JAZZ FIDERANA" hiarahana ny Sampana Lehilahy Kristiana (SLK, ACR, Rantsana kabary) amin'ireo tanora ao amin'ny "Jazz Club – CGM" izay hatao ny Alahady 21 febroary 2021 manomoka amin'ny telo (3) ora tolakandro eto amin'ny FJKM Ambohitantely. Tsara ampafantarina antsika rehetra fa mandritra izany concert izany dia hiram-pivavahana no ventesina amin'ny endriny jazz, ary misy amin'ireo karazan-kira ireo aza dia hiran'Ambohitantely hatao amin'izany. Izao hetsika "concert jazz fiderana " dia tafiditra indrindra ao anatin'ny fanokafana ny taom-pitaizana amin'ity taona 2021 ity eo anivon'ny Jazz Club - CGM




# IREO ZOKIOLONA TAONA 2021

**FENO 80 TAONA NO MIHOATRA**

***VEHIVAVY:***

ANDRIAMADY Ravoniarisoa Yvonne
ANDRIAMAHAZO Gisèle
ANDRIANANJASON Rolande Zaorivololona
NARIVELO Lydia
RABAKOARIVELO Bien Aimée Emilienne
RABARIJAONA Henriette
RABENORO teraka RATSIMIEBO Christine
RAFANOHARANA Marie Louise
RAHAMEFY Suzanne
RAHARIMANANA Helmine
RAHARINTSOA Marthe
RAJAONARIVONY Samueline
RAKETAMANGA Rondro
RAKOTOMIHAMINA RAFARAVOLOLONA Yvonne
RAKOTOVAO RAHANTANANDRASANA Ruthe
RALIBETRA Olga
RALIBETRA RASOANARIVALOMALALA Albertine
RAMAMONJISOA Suzy
RAMANAMAHEFA Noëline
RAMANANA RAHARY RAKOTOARIVONY Charlotte
RAMANANTENASOA Marthe
RAMBELOSON Marthe Suzanne
RAMBELOSON Ramalalanirina Suzanne
RAMIADAMANANA Reinette
RANAIVOSOA Aimée Noeline
RANILOARISOA Gisèle
RANOROARISOA Claire
RAOBELINA RANALIZAKA Bodo
RAOSERAVOLOLONA Victorine
RASAMIMANANA Monique
RASELIARISOA Célmine
RASOAMAHARO Jeanne
RASOAMANANTENA Eléonore
RASOARIMALALA Claire Edwige Martine
RASOARINORO Marthe
RASOARISOA Alice
RASOAZANAJATO Joséphine
RATODIARIVONY RAKOTOARIVELO Raymonde Aimée
RAVAOARIVELO Jeanne
RAZAFINDRAMBOA Ralibera Martine
RAZAFINDRASOA Jeannette
RAZAFINDRAVAO
RAZANAJATOVO Louisette Lalasoa
RAZANATSALAMA
**RAZANAMANDIMBY Louise**
RAZOELINORO Berthe
RAZOELISOA Céléstine
ROBSON RAVAOARIMALALA Oldine

***LEHILAHY***:

ANDRIAMBAHINY Calixte Raymond
ANDRIAMIHAINGO Noelson
ANDRIANALY Arthur Denis
ANDRIANANTOANDRO Emmanuel
Dr RAZAFIMANANTSOA
IPANALINA Lucien Amédée
RAJAONARIVONY Jules
RAJONSON Arsène
RAKOTO RABESO Solomon
RAKOTONIAINA Théodore
RAKOTOVAO Andrianjaka Mpitandrina
RAMAROSON Adolphe Emile
RAMBELOSON Ernest
RAMPANJATO Ranjasaona
RANDRIANJAFINIMANANA Jean Paul
RANJIVASON Jean Théodore
RAOBELINA Rivo Andriambelomanana
RASOLOFOSON Charles
RAVELOMANANA Jean Claude
RAVELOMANANTSOA Ratsimiah Raymond

**FENO 70 TAONA**

***VEHIVAVY:***

ANDRIAMIAFARANJAMBOLA Josée
ANDRIAMIHAINGO Ralalamihamina Ambinintsoa
ANDRIAMIHASOA RANDRIANARIVELO Lala
ANDRIANARIVONY RAHELIARIMANANA Adèle
ANDRIANASOLO Nènette
ANDRIANJAFITRIMO Annie
ANDRIANJAKA Alice
Liliane RATSIMIHAH Andrianasolo
Mbolasoa Haribenja Théodora
Mme Veuve Michel ROBINSON
RABENARISOA Bakoly
RABEROJO RAZAFIMAHEFA Clarisse
RABESO RAZANADRASOA JACQUELINE
RAFEHIVOLA Marcelle
RAHAINGONOARINOROMALALA Lewys
RAHAMEFY RANARISON Berthe
RAHANTANANDRASANA Ruth Raveloson
RAHARISANDY NOELINE
RAHARISAONA Raymonde
RAHELISOA Oiliarivelo
RAHOLINTSEHENO Ernestine
RAHOLIJAONA Lucette
RAHOLIJAONA Marthe
RAHOLISOA Rachelle
RAJAOBELINA Alice
RAJAONAH RATSIMISETRA Julie
RAJAONARISON Yvonne
RAJAONARIVELO Abéline
RAJESSON Charline
RAJESSON Lydia
RAKOTO RAZAOHARISOA Maryse Elisa
RAKOTO Yolande
RAKOTOARISOA BEBY SAHONDRA
RAKOTOARIVELO Yvette Rajaonah Ratsimisetra
RAKOTOBE Sahondra
RAKOTOMAVO RAVALITERA Anna Rachel
RAKOTOSOA Marthe
RAKOTOVAO Anne Marie
RALALAHARISOA Gabrielle
RALAMBOFIRINGA RASOANARIVAOMALALA Odette Charline
RALITERASON Jeanine
RAMBELOSON RATSIMBAZAFY Bakoly
RAMBOASOLO RATOLOJANAHARY Rasalama
RAMINOMALALA Beby Zoé
RAMINOSOA RASOAMAMPIONONA Noromalala
RAMIZA Léontine
RANAIVOSON Noblette Zaielinoro
RANAIVOSON RAZANARIVONY Lydia
RANDRIAMANOHISOA Robine
RANDRIAMAROMANAFATRA Léandrette
RANDRIANARISOA Fara Ratsimiah
RANDRIANARISON Louise Aimée
RAOBELINA Holisoa
RAOBELINA Lalasoa Raharimanana
RAOELFILS Victorine
RAOELIARISON RASOAZANANY Prisca Colombe
RAOELIMANANA Noeline
RAOELISON Monique
RAOELISON RAJONSON Claire
RASEHENOMALALA Charlotte Augustine
RASENDRASOA Chantal
RASOAHANITRINIAINA Lala Fleurette
RASOAMALALA Claire
RASOAMALALA Jeanine
RASOAMANAMBELO LALANIAINA SUZANNE
RASOARINIVO SUZANNE
RASOARIVONY Mariette
RASOAZANAMANANA Adéline
RATIARISON Théodora
RATSIHAROVALA Randriamampionona Lala
RATSIMIVONY Zoely Harinivo
RAVALITERA RANDRIAMAMPIONONA Lisy
RAVAOARISOA Felicité
RAVAOMIARANJAY Norosoa
RAVAOMIARANJAY Olga
RAVELOMANANA Christianne
RAVELOSOANANAHARY Monique
RAZAFIMANANTSOA RALAMBOFIRINGA Eliette
RAZAFINDRAHETY Perle
RAZAFINDRALAMBO RAMANITRA Yolande
RAZAFINDRAVAO Henriette Monique
RAZAFINJATOVO Julienne
RAZAFINTSALAMA Annie Ginette
RAZANAMALALA Perle Olga
RAZANANALY Dorothé

***LEHILAHY***:

ANDRIAMAHERISOA Rajoeliarivony Jean Robert
ANDRIAMAROSOA RATSIMBAZAFY Armand
ANDRIAMIAFARANJAMBOLA
ANDRIAMIHAJASOA Rasoloarimanana Olivier
ANDRIAMIHASOA Raholitseheno Alphonse
ANDRIAMIHASOA Raholitseheno Arsène
ANDRIANARISAINA RAVALITERA Jean
ANDRIANARIVONY Tobijaona
ANDRIANJAFITRIMO Raoel
ANDRIANJAKA Mady
Dr RALAMBOFIRINGA Arsène
RABEROJO RAZAFIMAHEFA Richard
RAHOLIJAONA Rajoël
RAHOLIJAONA Raoêl Jean Richard Andrianarisoa
RAHOLIJAONA Raoël
RAJAOBELINA Jean Marc
RAJAONSON Alain Fèvrier
RAJESSON Christian
RAJOELINA Jean Noêl
RAJOELISON Louis Martin
RAJOHARISON David
RAJOHARISON Jules
RAKOTO David Andriamialisoa
RAKOTO Harry Rabetokotany
RAKOTO July Rafaralahy
RAKOTOARISOA Rémi
RAKOTOARIVONY Julien Martin
RAKOTOMALALA Augustin
RAKOTONIRINA RAVELOJAONA Daniel
RALISON Olivier
RAMANANA RAHARY Charles
RAMBININTSOA Andrianarijaona
RAMBOASOLO Lucien
RAMIANDRISOA Willy Gaston
RAMINOSOA Jacques Aimé Victor
RAMINOSOA Victor Andriamialy
RANAIVOSOA Ratsimba Roland
RANDRIAMAMONJY Maurice
RANDRIAMAMPIONONA Solofo
RANDRIAMANANJARA Jean Baptiste
RANDRIAMAROMANAFATRA Stanislas
RANDRIAMASY ALAIN JOSE
RANDRIAMORA Max, Mpitandrina
RANDRIANARISOA Honoré
RAOELIARISON Abel
RAOLOSON Andrianohery
RATSIMAMANGA Gilbert
RATSIMBAZAFY Roland
RAVALITERA Rabenalisoa Jean
RAVELOJAONA Andrianavalomanga
RAVELOJAONA Jean Narivony
RAVELOSON David
RAVELOSON Solomona
RAZAFIMAHALEO
RAZAFINDRALAMBO Hery
RAZAFINDRATSIMA
RAZAFINONY Guy










**Alahadin'ny Mpitandrina**



**Krismasin'ny ankizy**





**Herinandro Sambatra**



**Asa sosialy ZP Bethlehema**



**Herinandro Sambatra STK-ZFRK**



**Krismasin'ireo lolohan'ny Fiangonana**



**Jobily Fisotron-dronono Mme Lalah**



**Asa sosialy FAS**



**Toeram-pidiovana navaozina tao Ambatobevanja**

## FIANDRAIKETANA NY FIFANDRAISANA



*Ampy ho anao ny fahasoavako 2Kor12-9.*

Izany tenin ny soratra masina izany no entina miarahaba sy mirary soa an dRamatoa **Rakotoarivony Ramanana-Rahary Charlotte** noho izao fitsingerenan'ny taona nahaterahany izao . Tiana ny manamarika fa izy no zokiny indrindra ato anatin'ny Fiandraiketana ny Fifandraisana . Dia ho lava andro hiainana eo ambany fahasoavan'Tompo.